ANTOKO TIM

Miara-miory amin'ny Fiangonana Jesosy Mamonjy

Nandao ny tany tamin'ity herinandro ity ny filohan'ny Fiangonana Jesosy Mamonjy eto Madagasikara, Pasitera Ratafy Léon. Manoloana izany, misy ny fanambarana avy amin'ny sekretera jeneralin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Rina Randriamasinoro: "tohina tanteraka ny fo raha naheno ny fahalasan'ny mpanompon'Andriamanitra Pasteur Ratafy Léon, Filohan'ny Fiangonana Jesosy Mamonjy eto Madagasikara. Koa dia maneho ny fiaraha-miory ary miombona alahelo amin'ny fianakaviany sy ny Fiangonana Jesosy Mamonjy eto Madagasikara ny tenako sy ny Antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Ny Tompo Andriamanitra anie hamafa ny ranomaso, hampahery, hanasitrana ny fo maratra, ary hameno ny banga rehetra". Ankoatra izany omaly hariva, tonga nitsapa alahelo ny fianakaviana sy ny fiangonana ny avy amin'ny antoko TIM, notarihan'ny filoha Marc Ravalomanana tetsy Ankorondrano.

Isambilo

Neny sy Rina, nivavaka tao Ankorondrano tamin'izany fotoana.

Fiangonana Jesosy Mamonjy eto Madagasikara

Halevina amin'ny alatsinainy i Pasitera Ratafy Léon

Pasitera Ratafy Léon fahavelony.

Misaona ny fiangonana Pentekotista Jesosy Mamonjy eto Madagasikara. Nodimandry tamin'ity herinandro ity ny filohan' izany fiangonana izany, Pasitera Ratafy Léon. Izy dia Mpitandrina ny Foibe Fiangonana Jesosy Mamonjy Ankorondrano Antananarivo, no sady Filohan'ity Fiangonana natsangan'i Daoud ity ihany koa. Narary efa ho andro maromaro no nitarika izao fahafatesany izao. Efa hatramin'ny taona 2003 izy no filohan'ny fiangonana Jesosy Mamonjy eto Madagasikara. Ny alatsinainy 22 jona 2020 ho avy izao izy no halevina eny amin'ny fasan'ny fiangonana eny Soamanandray Ivato rehefa avy hanaovana fotoam-pivavahana ho fialan-tsatry ny fanahiny ao amin'ny fiangonana Jesosy Mamonjy Ankorondrano, hanomboka amin'ny 10 ora maraina. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia maneho fiaraha-miory amin'ny fianakaviany, sy ny fianakavimben'ny fiangonana Jesosy Mamonjy manerana ny Nosy.

Aly

Fiainam-pirenena

Toa tratry ny confinement hatramin'ny vava

Efa ho telo volana izao no tao anaty fihibohana na confinement ny vahoaka Malagasy. Raha ny zava-misy hita maso anefa dia toa tsy fihibohana izany no misy eto satria miaina toy ny isan'andro ihany ny rehetra. Tsy voahaja ny elanelana 1 metatra fa mitangorona be amin'ny toerana maro, sns… Fa ny tena hita aloha hatreto dia eo amin'ny sehatry ny haino amanjery no tena tratry ny hamehana arapahasalamàna satria voageja tsy maintsy mandefa izay tian'ny mpitondra atao ireto farany na dia tokony hiankina tanteraka amin'ny vaovan'ny Coronavirus ihany aza no nanerena azy ireo. Ao anatin'izao hamehana arapahasalamàna izao dia tsy misy ny demokrasia eto amin'ny firenena satria raha misy manohintohina ny mpitondra dia gadra no hita. Izay no nahatonga ny RMDM rodoben'ny mpanohitra ho an'ny demokrasia eto Madagasikara hanontany tena hoe ny dikan'ny confinement ve hoe tokony tsy ho afaka hiteny intsony izahay mpanohitra ? Raha izay mantsy no izy dia tsy afaka hiteny intsony izany izahay ? Na izany na tsy izany dia tsy maintsy miteny ny tsy mety eto amin'ny firenena ny RMDM satria marobe ny zavatra tokony hangarahara eto amin'ny firenena sy tsy mandeha amin'ny laoniny.

Helisoa

Lapa Maitso Anosikely

Ministra miisa 3 niatrika ireo senateran'i Madagasikara

Ministra miisa 3 ao amin' ny fitondram-panjakana afak'omaly no niatrika ireo senateran'i Madagasikara tetsy amin'ny Lapa Maitso Anosikely: ny Minisitry ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana maharitra Raharinirina Baomiavotse Vahinala, sy ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka Contrôleur Général de Police Randrianarison Fanomezantsoa Rodellys, ny Sekreteram-panjakàna eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena, miadidy ny Zandarimariam-pirenena ny jeneraly Richard Ravalomanana, no nihaona tamin' ireo Loholon'i Madagasikara tamin'izany. Tatitra ny asa vita sy ireo vina mbola ho tratrarin'ny Minisitera, izay sahanin'izy ireo no nanombohana ny fihaonana. Ny Sekreteram-panjakàna eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena, miadidy ny Zandarimariam-pirenena dia nanazava, fa ny fametrahana paik'ady manakaiky vahoaka mikasika ny resakafandriampahalemana sy filaminana miaraka amin'ireo solontenam-panjakana eny amin'ireny distrika, kaominina ary faritra ary hiaraha-miasa amin'ireo vahoaka sy ireo olomboafidy ao an-toerana, izay mahalala tsara ny zava-misy, no entina hanongorana hatrany ifotony ny resaka dahalo sy jiolahy no tanjona amin' izany. Tsy natao ambaninjavatra ihany koa ny fanampianana ara-bola, na ara-pitaovana, mba ho entina hamporisihina ireo Zandary amin'ny asany ary ny tanjona dia ny hanafoanana ny antony mety hahasarika azy ireo amin'ny fiarahany miray tsikombakomba amin'ireo mpanao ratsy. Omena fampiofanana ihany koa ireo Zandary fa indrindra ireo miasa any amin'ireny faritra mena ireny, mba hiatrehany ny zava-misy any an-toerana. Ezakin'ny Minisitera ny fanaparitahana "Compagnie de Brigade " isaky nyDistrika sy "Brigade de Sécurité Routière " isaky ny Kaominina, hampitaovana ny tombin'ny Zandarimaria rehetra. Nohamafisina fa tsy misy na iza na iza ambony lalàna eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara, porofon'izany ny fisian'ireo Zandary nogadraina, izay voarohirohy tamin'ny resaka "Kidnapping" sy asa-ratsy.

Isambilo

NY TENY FIAINANA

Fa ho amin'izany no niantsoana anareo; fa Kristy aza efa nijaly hamonjy anareo ka namela fianarana ho anareo, mba hanarahanareo ny diany".

I Petera 2:21

Ny Valosoa sy fakafaka

Fampianarana

Toa tsy olana ho an'ireo sekoly tsy miankina sasany ny mahazo ny ray aman-dreny

Anisan'ny olana lehibe eto amin'ny firenena ankehitriny ny lafiny sosialy. Mikaikaika avokoa ny sokajin'olona maro samihafa noho ny fahasahiranana lalina manjo amin'izao fotoana izao vokatr'ity fihanaky ny valan'aretina covid-19 (coronavirus disease nineteen) ity. Eo amin'ny seha-pampianarana dia samy sahirana avokoa ireo toko telo miantoka ny fampandehanana ny asa fampianarana: ny tale sy ny tompon'andraikitry ny sekoly ny mpampianatra, ary ny ray aman-drenin'ny mpianatra. Niaraha-nahita fa niato ny fampianarana teto amin'ny firenena, anisan'izany indrindra ny teto amin'ny faritr'Analamanga, nanomboka ny tapaky ny volana martsa nidiran'ny valan'aretina. Teo amin'ny telovolana no tapaka ny fianarana indrindra ho an'ireo mpianatra amin'ny kilasy anelanelany, fa tsy ireo hiatrika fanadinam-panjakana. Nipetraka eo amin'izay ny olana eo amin'ny sekoly sy ny ray aman-dreny momba ny fandoavana ny saram-pianarana. Ho an'ny ray aman-dreny dia tsy mianatra ny zanany, ka tokony tsy hisy ny fandoavana saram-pianarana. Ny tompon'andraikitry ny sekoly minia mikimpy momba izany, fa tsy maintsy mandoa ihany ny ray aman-dreny, fa ho fampandehanan-draharaha sy handoavana ny karaman'ny mpampianatra. Ho an'ny ray aman-dreny, dia tsy azo ihodivirana aloha ny fitsinjovana ireo mpampianatra amin'ny garabola, fa mila jerena akaiky kosa ny momba ireo mpampianatra manomboka amin'ny taona faha-6 na kilasy 6 éme no ho miakatra hatrany amin'ny kilasy famaranana. Iaraha-mahalala, fa ny mpampianatra amin'ireo kilasy ireo dia saika "chargé de cours" avokoa, ka izay fotoana sy ora hampianarany ihany no handraisany karama. Eo no hipetrahan'ny adi-hevitra, satria tsy araka ny ora hampianarany efa nifanarahana hatrany am-boalohany no hankanesany ao an-tsekoly na dia lazaina aza fa misy ny enti-mody na devoara omena ny mpianatra ataony any an-trano. Mazava loatra fa tsy hisy mihitsy ny vola feno homen'ny tompon'andraikitry ny sekoly ireo mpampianatra mifanaraka amin'ny ora nifanarahana tany am-boalohany. Karazany misy hafetsena ihany ao anatin'izany. Etsy ankilan'izay, ireo ray aman-dreny dia sahirana tanteraka ihany koa amin'ny lafiny ara-tsosialy satria maro no voadona ny fivelomany noho ny zava-misy eto amin'ny firenena. Misy ny very asa, na nikatona ny fivelomany na ny orinasany, sns... Mazava loatra, fa olana ho azy ireo ny handoa ny saram-pianarana feno amin'ity faneren'ny sekoly ity na dia hamboamboarina aza ny fandoavana ny saram-pianarana. Tsy maintsy fenoina mantsy ny saram-pianarana na tamin'ireo andro sy volana tsy nianarana aza. Misy mihitsy aza ny tompon-tsekoly sy talen-tsekoly no manao teny an'avona amin'ny ray aman-dreny ao anatin'izany, toy izay nitranga teny amin'ny Cité Itaosy vao tsy ela izay. Araka izany dia tsy olan'ireo sekoly tsy miankina izay manjo ny ray aman-dreny, fa "aloavy ny saram-pianarana". "Tsy tokony hitaraina amin'ny fanjakana araka izany ihany koa ireo sekoly tsy miankina, raha toy izany no fihetsik'izy ireo", hoy ireo ray aman-dreny sasany. Terena ny ray aman-dreny hanefa ny saram-pianarana tamin'ireo volana tsy nianarana kanefa koa mitaky any amin'ny fanjakana, moa tsy hafetsena izany?, hoy izy ireo.

Raha aravona, tsy mivaha mazava ny olana eo amin'ireo ray aman-dreny sy ny sekoly, fa karazany teren-ko masaka fotsiny ihany ny raharaha. Inian'ny tompon'andraikitra samihafa voakasika ikimpiana fotsiny, fa tsy misy mamaha olana. Ny fantatra dia ireo ray aman-dreny no kivy sy sorena amin'ireo sekoly ianarana-janany ankehitriny, ka misy ny tapakevitra hamindra sekoly hafa ny zanany amin'ny fiafaran'ny taom-pianarana izao. Tranga hafa indray no hiseho aoriana kely vokatr'izany.

Radafy